TETIK'ASA MAHAY-SEKOLY FJKM

Notolorana fanomezana ireo ankizy sembana 10 mianadahy afaka CEPE

Kitapo vaovao iray misy "Kits Scolaires" toy ny "1 paquet Cahier grand format 100 page"; " 1 paquet Cahier petit format 100 page"; Penina; "Crayon"; "Protège Cahier Grand Format"; sy ny sisa… no natolotry ny tompon'andraikitra ao amin'ny Foibe fitondran-tsekoly Fjkm, ho an'ny ankizy manana fahasembanana tafita tamin'ny fanadinana Cepe sy "Sixième" farany teo, amin'ny faritra Analamanga, izay miisa 10 mianadahy. Notanterahina nandritra ny lanonam-pamaranana ny atrik'asa ho fanofanana ireo Talen-tsekoly fanabezana Mampiaty miisa 65, izay notanterahina tetsy amin'ny Motel Anosy ny alarobia teo izany. Nilaza Ramatoa Rakotondranaivo Domoina Tonian'ny Departemanta Sekoly Fjkm, fa miompana amin'ny rafitsaina hitantanana ny Sekoly mampiaty Fjkm no tanjon'ny fiofanana, ho an'ireo tompon'andraikitry ny sekoly, ao anatin'izany hoy ity tompon'andraikitra ity ny fanatsarana ny fomba fijerin'ny mpitantana Sekoly iray eo amin' ny fiatrehana ny taom-pianarana vaovao, ny fametrahana ny vina mba hisian'ny fahombiazana amin'ny taom-pianarana manaraka, ny famantarana ny maha tompon'andraikitry ny fampianarana ny tenany manoloana ny fitantanana ny sekoly, ny fahaizana mametraka ny maha mpitarika mahay sy mahomby ao an-tsekoly, ny fananana vina matanjaka ahafahana manatratra ny tanjon'ny sekoly, ny fanamafisana ny fitantanana ara-bola sy ny sosialy ary ny fitaizana ny toetran'ny ankizy miankina amin'ny fitondran'ny Ray aman-dreny azy. Ny fampitoviana lenta amin' ny mpianatra any an-tsekoly ny fampianarana ny ankizy manana fahasembanana no tanjon'ny Fanabezana mampiaty, izay tohanan'ny tetik'asa Mahay. Marihina fa nahitana mpampianatra avy amin' ny sekolim-panjakana ihany koa ny fiofanana izay natao, ankoatran'ireo mpampianatra avy amin' ny sekoly mampiaty Fjkm miisa 16. Tsiahivina fa hanomboka amin'ny 06 Oktobra 2020 ho avy izao ny taom-pianarana ho an'ny Ambaratonga voalohany ary amin'ny 12 Oktobra 2020 ho avy izao ny anjaran'ny ambaratonga faharoa. Miisa 623 ireo sekoly Fjkm manerana ny nosy ary efa misokatra ny fisoratana anarana ho an'ny taom-pianarana vaovao eny anivon'ny sekoly tsirairay.

Franck Razakambelo

Ny fizarana fanomezana nataon'ny tetikasa Mahay, sekoly FJKM.

Depiote Todisoa A.

Nanampy ny fokonolona nanao HIMO teny Ankazomanga Atsimo

Nanampy ny fokonolona nanao asa tanamaro, na Himo, teny Ankazomanga Atsimo ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra omaly, ny depiote voafidy tao amin'ity boriboritany ity, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nanampy amin'ny fanalana fahasahiranana ny mponina ao amin'ity fokontany Ankazomanga Atsimo ny tenany, ka nanatanteraka io Himo io, ho fanadiovana ny Canal izay tsentsina tanteraka miaraka amin'ny loto sy fako fofona maimbo ary maloton'olombelona tamin' izany lakandrano izany. Nanolotra vola sy solontsakafo ary fitaovam-panadiovana ho an'ireo mponina sahirana ao antoerana ihany koa ity olom-boafidy ity ary nandray anjara mavitrika tamin'izany asa fanadiovana izany rahateo ny tenany. Miantso ny CUA sy BMH, mba handray andraikitra koa izy ireo, fa toa variana amin'ny zavatra hafa na tsy asan'ny Solombavambahoaka aza ny manadio canal dia tanterahiny satria tsy maintsy mihaino vahoaka mandrakariva satria mifanerasera mivantana amin' ny ten ahoy ny depiote Todisoa Andriamampandry, ka manao izay vita izy. Miantso ny mponina rahateo koa izy, mba hanaja ny fahadiovana, fa manjary mandrora mitsilany isika.

Ny depiote Todisoa A., niara-nanao HIMO tamin'ny mponina teny Ankazomanga Atsimo.

Isambilo

NY TENY FIAINANA

"Fa mitandrema hianareo, fa hatolotra amin'ny Synedriona sy hokapohina ao amin'ny synagoga ary hitsangana eo anatrehan'ny mpanapaka sy ny mpanjaka noho ny amiko hianareo ho vavolombelona aminy."

Marka 13:9

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tsara ny manasazy fa hita ho tia vola loatra ny CUA sy ny ben'ny tanàna Vazahabe



3. FAKO				
14		Tsy fanariam-pako amin'ny ora voatondro: 4 ora hariva hatramin'ny 8 ora alina	5 000 Ar	
15	1	Fandorana fako tsy nahazoana alalana	50 000 Ar	
16		Fanariana fako mivaingana, fotaka, amany, na diky, na biriky, na tavoahangy, na vy anaty baka fanariampako lombonana Manipy amin'ny sisindalana, lakandrano, ireo fako, diky, rano maloto avy nampiasaina	50 000 Ar	Manatanteraka eo no ho eo ny asa famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovan'ny toerana sy ny manodidina azy
4. FANASAN-DAMBA – RANO AVY NAMPIASAINA – LALANDRANO				
23		Fampiasana ny fantsakambahoaka amin'ny fanasana lamba sy fiarakodia…	300 000 Ar	
19		Fanipazana rano maloto anaty lakandrano, renirano, farihy na fametrahana amin'ny sisiny ireo potipoti-javatra, diky sy rano misy menaka	50 000 Ar	
21		Tsy fandraisana fepetra mba hialana amin'ny fiandronan'ny rano eo an-	300 000 Ar	

Arsène Ralevason : tsara ny manasazy fa hita hoe tia vola loatra ny CUA sy i Maire Vazahabe. Amin'ny fomba ahoana no ahitan'ny mpanasa lamba 3 hetsy Ariary ho sazy, raha sedra mandika lalàna izy ireo?

Velo Ghislain Arsene : hadio sy hilamina amin'izay kosa ny tanàna raha ireto sazy ireto no tena ampiharina, na izany aza, henjana be loatra kosa ilay vola tokony haloa. Tena tsy mahalala ny fahoriam-bahoaka ilay CUA sy i Maire Vazahabe.

Rasoanaivo Lova Alisoa : efa lany ndray.ity.sa vao dinihina? Tena tia vola sy manaotao foana mihitsy ilay kaominina Antananarivo Renivohitra tarihan'ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina vazaha a! Ankamantatra, mety efa ao anatin'ny tetibola 2020 io ka.

Hilda Hasinjo Ravelonahina : efa lany. Toy izao amin'ny sary izao no nampidirana azy tao anaty teti-bola. Fa androany vao nivoaka ny andinindiny Ka teo izahay vao tankina. Soa ny KOMBA fa nanao TSIA ilay teti-bola.

Kala Mé : ary aiza lay hoe alika ? alika mivovo avy koa lazaina fa mahavoasazy, tena mampihomehy mihitsy ity Maire Vazaha an'Antananarivo ity ka !

Velo Ghislain Arsene : merci. Hita ho midangana loatra kosa ny sazy sasany amin'ity fanapahana ity.

Andrianarimalala Heritiana : 14-15-16-19-62-64 mety tsara ireo…

Nandrasana Nandrasana : ary ireo lamba miahy eo amin'ny zaridaina ampitan'ny Cnaps Ampefiloha? Tsy tokony ho sazina koa ve izany izy ireny?

Anja Mantra : tsara ny lalàna fa indrisy, rehefa tsy natao @ fandinihina ny tantara, ny kolontsaina sy ny zava-misy eo @ fiaraha-monina malagasy dia ho aotra hatrany ! Rehefa mbola ny olontsotra no tsindromina fa ny lehibe sitrana @ pilina dia hikorontana lava ny fiararaha-monina. Hita hoe tsy mitsinjo ny madinika mihitsy ny fitondran'i Andry Rajoelina, sy ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina.

Zouzie Lezo : io ve tsy hisy hilaza ndray hoe: zahay mahantra. Fa mety hiteraka kolikoly mahatsiravina koa io raha tsy hentitra tsara a!

Henintsoa Sakakely Ramaromanana : mety amiko, fa na izany aza, misy midangana loatra ilay sazy sasany.

Ranaivoson Haja : raha mba zah mantsy no manao ny la une ny gazety dia ity no nataoko la une dia nasiako sarin'alika mivovo...

Manny Heriary Miandrarivo : o ry zareo a! fa ngah ny fisainan-tsika efa mitodika ny any amin'ny handoa sazy sahady no efa manao négociation sahady ?? Tsotra : tsy te handoa fa lafo loatra ilay izy : manara-dalàna !!... SAZY IREO , ZANY SAZY ZANY TSY MAHAFINARITRA !! ATAO NY SAZY MBA HANAJA NY FEPETRA NY OLONA.

Andry Rakotonirainy : raha hizotra ho an'ny fanatsarana moa maninona, fa heveriko fa tsy ho voararaka akory ny ho fampiharana ireo sazy ireo, na ezahana ho harahana ihany fa hiteraka kolikoly ho an'ireo tratra.

Andriamanambe Raoto : Certaines amendes sont disproportionnées quand même. Dia be loatra kosa ilay sazy sasany, hita hoe tena mambambola be mihitsy ilay CUA sy i Maire Vazaha Naina Andriantsitohaina.

Lalaina Oli : lay izy kosa tsy maninona fa le montant tena trop be eh, na any andafy aza ve de otran'izao ? Mr le maire an mba saino kely ihany ilay vola sazy tokony hefaina fa be loatra. Tena hita mhitsy hoe: tsy mahafantatra ny Malagasy sy ny tanànany ary ny fireneny ity ben'ny tanàna Vazahabe ity.

Irène Ravololona: tsy manam-bola ny kaominina dia izay zavatra rehetra hahazoana vola dia hitakiana vola mihoapampana avokoa, ho an'ny ekipan'i Naina.

Ahmed Solay: tena tia môny mariny Maire Antananarivo ty.

François Ramily: efa milaza hanampy ny CUA ihany ny fitondram-panjakana, aiza anefa izany hatramin'izao. Izay no mahatonga sazy mihoa-pampana halain'ny kaominina io.